Ny filazantsara nosoratan'i Matio 6/7-13
Ny fangatahana ny fidinan'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao

Ny vavaka dia fiankinana amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Ny sitrapon'Andriamanitra dia henoina ary ny fihainoana dia mitaky fitokanana sy fahanginana. Ny tabataba avy any ivelany dia tsy andraikitsika saingy tompon'adraikitry ny tabataba ao anatintsika isika, koa mila mitokana sy mangina mihaino ny feo, henoina eo anivon'ny fo.

Ny fitokanana sy ny fahanginana dia mampifanatri-tava amin'ny firesahana dia ny miteny sy mihaino. Ny firesahana amin'Andriamanitra dia milaza fa miteny aloha Andriamanitra. Ny valiten'ny olona, vokatry ny teny nohenoina no atao hoe : vavaka. Ny roa lehibe amin'ny firesahana amin'Andriamanitra dia ny fisaintsainana sy ny vavaka. Andriamanitra miteny ary mihaino ny olona ary misaintsaina ny tenin'Andriamanitra. Amin'ny vavaka, miteny ny olona ary mihaino Andriamanitra. Raha tsy eo ireo roa ireo dia mandringa ny firesahana.

Ny vavaka dia tsy miteny aloha fa mihaino izay ambaran'Andriamanitra. Ny fifanatrehana amin'Andriamanitra dia fifanakalozana fihainoana sy fifanakalozana fitenenana. Rahefa miteny ny andaniny, ny ankilany manolotra ny fihainony toy ny fanomezana. Ny vavaka voalohany dia ny fanomezantsika ny fihainoantsika an'Andriamanitra.

Ny fihainoana dia eo anivon'ny fo. Ny ampovoan'ny fisaintsainana dia ny fo : fitiavana, finoana, saina. Ny fo dia toeran'ny fitiavana araka ny Deotoronomia 6/5 sy Matio 19/8. Ny fo dia toeran'ny finoana, ary izany no ilazana ho an'ny Romana 10/9 hoe : « raha mino ao amin'ny fonao ianao », ary izany koa no ilazan'i Jesosy hoe : «  votsa saina ka tsy mino » (Lioka 24/25), ara-bakiteny dia : votsa fo koa tsy mino. Ny fo koa dia toeran'ny saina (*intelligence*). Ny fametrahan'ny olona ny saina eo amin'ny loha dia tsy araka ny Baiboly. Ny Soratra Masina dia manambara fa ny saina izay mitondra ho amin'ny fahalalana dia ao amin'ny fo, araka ny ambaran'ny Deotoronomia 29/3 fa ny maso dia ho an'ny fahitana, ny sofina ho an'ny fandrenesana, ary ny « fo hahalala ». Ny hadisoana amin'izao ankehitriny izao dia ny fanasarahana ny  fitiavana sy ny finoana ary ny saina. Ny fisaintsainan'ny fo dia mampiasa ny fitiavana sy ny finoana ary ny saina, *amour*, *foi*, *intelligence*. Rahefa misaintsaina amin'ny foko aho dia manambatra ny fitiavako sy ny finoana sy ny saiko. Ny toerana mendrika indrindra anaovana ny fisaintsainana dia ny fo satria ny tenin'Andriamanitra dia avy amin'ny fon'Andriamanitra. Ny fon'olombelona ihany no afaka mihaino tanteraka ny fon'Andriamanitra. Noho izany ny fihainoana dia tsy fifanatrehana amin'Andriamanitra fotsiny fa  fo 2 mifandray.

Ny feo henoina dia mahatonga fiovan'ny fo, saingy Andriamanitra no manova ny fo ary Andriamanitra mihintsy no miova fanapahan-kevitra azahoan'ny mpino miova. Ny feo dia mety ho tenin'ny olona, zavatra miseho, ary indrindra teny avy ao amin'ny Soratra Masina. Mety miteny amiko ny momba an'Andriamanitra i Mosesy na Matio na Paoly fa mety mangina Andriamanitra. Ny henoina avy ao amin'ny Soratra Masina dia tsy ny teny momba an'Andriamanitra fa ny tenin'Andriamanitra, saingy izany dia ampitainy amin'ny alalan'ny Soratra Masina ; koa izany no ilazana voalohany indrindra ao amin'ny fiatomboha'ny bokin'ny vavaka (Salamo 1/1-2a) hoe : « Sambatra ny olona izay tsy mandeha amin'ny lalan'ny ratsy fanahy… fa ny lalan'i Jehovaha no sitrany ; eny ny lalàny no saintsaininy andro aman'alina », ny tenin'Andriamanitra no saintsainina andro sy alina. Ary rahefa misaintsaina izay avy amin'Andriamanitra dia manao izany tanteraka amin'ny fanamafisana milaza fa ao amin'Andriamanitra.  Ny fakan'ny fisaintsainana dia izay fantatry ny mpanao Salamo 63, dia tsy ireo asan'Andriamanitra na ireo tenin'Andriamanitra ; ny fakan'ny fisaintsainana dia  Andriamanitra. Sambatra i Davida izay nitokana nangina irery tany an'efitra, afaka miteny amin'Andriamanitra hoe :  « misaintsaina anao amin'ireo fiambenan'alina » (Salamo 63/6) ary ny teny fototra dia mihira hoe : « misaintsaina ao aminao aho mandritra ireo fiambenana ny alina »

Ny « Rainay… » dia vavaka vokatry ny fihainoana ny tenin’Andriamanitra sy fisaintsainana ao amin’Andriamanitra. Ny « Rainay… » dia fitenena amin’Andriamanitra, vavaka fangatahana.

Ny mivavaka amin’ny « Rainay » dia mahita fa tsy miaina irery izy, tsy miaina noho ny zavatra nataony ; ary ny fiainany dia tsy miankina amin’izay zavatra nataony. Ny mpivavaka ny « Rainay » dia mpino mangataka sy mandray.

Ny fiainany dia miankina tanteraka amin’ny mpanome. Ary ny mpino dia afaka mangataka amin’ny fahatokiana tanteraka satria Andriamanitry Jesosy dia Andriamanitra manome, tsy manavakavaka na mandrefy. Andriamanitra tsy mitsara na mitaky na mandrahona na mamono na manameloka fa Andriamanitra manatona ny mpino ary manome.

Maro no efa nanoratra nandahatra fampianarana ny amin’ny « Rainay… » ary tsara sy mahasoa daholo ireny entina manao ny sitrapon’Andriamanitra sy miaina ny fiainana mandrakizay ary mampandroso ny fiangonana ary ijoroana vavolembolana eo amin’izao tontolo izao.

Ny ataoko dia tsotra : Mampatsiahy ny antony nanoratana « Rainay… » sy ny nametrahana azy ao amin’ny Soratra Masina ary ny fomba fampiasan’ny fiangonana azy. Faharoa tsy mandalina fotsiny ny andininy tsirairay avy amin’ny antsipirany fa miditra amin’ny fitambaran’ny « Rainay », koa ny « Rainay » dia resaka mitohy misy fampidirana ary misy famaranana, mampiseho ny fidinan’Andriamanitra eo amin’ny ratsy. Fahatelo dia ho hitantsika ny halehibe sy ny hatsara ny fihaonana manokana amin’ny Ray. Ary farany dia ho tsapantsika ny maha tompon’andraikaitra antsika tsy eo amin’ny ankohanaona sy ny fiangonana fotsiny fa indrindra eo amin’izao tontolo izao.

## I. Ny « Rainay izay any an-danitra » na ny vavaka fangatahana

Tsy miresaka ny « Rainay izay any an-danitra » i Marka sy Jaona sy ny Asan'ny Apostoly ary ny Epistily satria everiny fa tsy zava-dehibe amin'ny fiainan'ny finoana izany ; ary ny litorjia ny fiangonana kristiana tany am-piandohana dia tsy ahitana soritra ny fampiasana ny « Rainay… »

Tertullien tamin'ny faran'ny taonjanto faha II ao amin'ny bokiny, *De oratoire*, no milaza fa ny « Rainay... » dia famintinana ny Filazantsara rehetra. Tao aorian'ny Concile d'Aix-la-Chapelle tamin'ny 836 vao nampianarina ny « zanaka » ny « Rainay… »

Amin'i Matio ny « Rainay izay any an-danitra » dia tohin'ny « fampianarana teo an-tendrombohitra » mba tsy hitovizan'ny mpianatr’i Jesosy amin'ny « mpihatsaravelatsihy » (6/5) sy ny « jentilisa » (6/7).

Amin'i Lioka ny « Rainay izay any an-danitra » dia vokatry ny fangatahan'ny mpianatra tamin'i Jesosy hampianatra azy hivavaka hitovizany amin'ny hafa « tahaka ny nampianaran'i Jaona ny mpianany » (11/1).

Jesosy mampianatra ny « Rainay izay any an-danitra » dia mitanisa tantara mikasika ny fanomezan-toky ny amin'ny valim-bavaka : fihainoana antso, fihainoana vavaka, fihainoana resaka, fihainoana fangatahana.

« Rainay izay any an-danitra

hohamasinina anie ny anaranao
ho tonga anie ny fanjakanao
hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra

omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay

ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay
ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy
fa manafaha anay amin'ny ratsy

fa anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra mandrakizay

Amena »

II. Ny « Rainay… » dia milaza ny fidinan'Andriamanitra ho eo amintsika

Ny « Rainay… » dia manomboka eo an-danitra ary mifarana amin'ny filazana ny ratsy. Ny tohiny « fa anao ny fanjakana... amena » dia tsy nampianarin'i Jesosy ary tsy voasoratra ao amin'ny Soratra Masina fa fanampiny taty aoriana.

Eo anelanelan'ireo zavatra roa ireo, ny lanitra sy ny ratsy, izay mamaritra an'Andriamanitra dia misy hetsika miainga eo amin'ny toerana iray mankeo amin'ny toerana iray, ohatry ny fidinana miandalana miainga avy eo an-danitra hatrany amin'ny ratsy.

Ny ratsy dia sady ny zavatra miseho ao amin'ny fanapahan-kevitra (Matio 9/4) ary koa ny fetsy dia Satana izany (Matio 13/19). « Manafaha anay amin'ny ratsy » dia midika koa hoe : manafaha anay amin'ny Satana izay mitazona anay ao amin'ny fahefany.

Ny lafiny roa amin'ny « Rainay… » dia mifanohitra, Andriamanitra ao an-danitra ary Satana izay mitazona antsika ho babo.

Any an-danitra Andriamanitra satria manalavitra azy isika ary tonga hatreo antanan'i Satana isika ; ary tompon'andraikitra amin'izany fanalavirana izany isika. Ny fihetsika rehetra ao amin'ny « Rainay… » dia fahatsapana miandalana ny fahalavoantsika sy ny fivoaran'ny fiekena amin'ny Ray : milaza ny fidinantsika tanteraka ao anatintsika satria ny fitazoman'ny ratsy antsika dia ao anatintsika tanteraka.

Zava-poana ny fidinantsika tanteraka ao anatintsika raha tsy amin'ny fitodihana amin'ny Ray, izay taritin'ny Zanany sy azavain'ny Fanahy Masina.

Ny fidinantsika ao anatintsika eo anatrehan'Andriamanitra dia ny fisokafantsika amin'Andriamanitra, koa tsy fiverenantsika ho amintsika na fihidintsika samy irery, tsy aretina fa fanasitranana.

Ny fidinana

« hohamasinina anie ny anaranao » : fangatahana voalohany milaza ny fahamasinan'Andriamanitra. Tsy fangatahana ny hahamasina ny anaran'Andriamanitra satria masina mandrakizay izy, fa fangatahana mba ho fantatry ny rehetra fa masina izy.  Entina milaza ny asantsika vahoaka milaza ny zava-miafin'ny fahamasinan'Andriamanitra.

« ho tonga anie ny fanjakanao » : fangatahana mitarika ny fidinan'izay maharitra mandrakizay ho eo amin'ny fotoana iray ka mampiditra ny famonjena eo amin'ny tantarantsika sy ny fotoantsika.

« hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra » : ny filazana ny tany dia milaza ny fidinana avy any an-danitra. Milaza ny fahatongavan'ny famonjena tsy amin'ny tantarantsika sy ny fotoantsika fotsiny fa amin'ny fiainana isan'andro hatramin'ny antsipiriany izay fankatoavana an'Andriamanitra.

« omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay (anio) » : fidinan'Andriamanitra hatramin'ny hanoanantsika, milaza ny fahalementsika ara-batana sy ara-nofo, milaza ny fidinan'Andriamanitra hatramin'izay ilaintsika andavan'andro.

« (ary) mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay » : mandalo eo amin'ny fahalemena ara-batana isika ka tonga hatramin'ny fahalemena ara-pinoana sy ara-pitondran-tena amin'ny fiainantsika izay meloka. Milaza ny fibabohantsika ireo heloka vitantsika.

« (ary) aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy » : mitohy ihany ny fidinana, ny lalina indrindra amin'ny heloka dia ny fitsapana, fakam-panahy ; ny fototry ny heloka dia ny fakam-panahy, *tentantion*. Ny filazana ny fakam-panahy dia filazana izay mandrahona tanteraka, filazana izay ao anaty tanteraka ary koa filazana ny fahalementsika satria na lehibe aza isika dia tsy mahatohitra ny mpaka fanahy, *le tentatetur*.

« (fa) manafaha anay amin'ny ratsy » : tsy vitan'ny hoe tsy mahatohitra ny fakam-panahy isika fa tafalatska ihany koa ao anatin'ny ratsy. Milaza ny tsy fahombiazantsika, ny faharesen'ny finoantsika, ny fiaiken-keloka tanteraka.

Ny fitondran'Andriamanitra dia manomboka eo an-danitra hatramin'ny fidinana eo amin'ny ratsy. Tsy afaka mahita ny fidinan'Andriamanitra mihoatra noho izay isika.

Ny « Rainay… » dia vavaka manome toerana tsikelikely ny fiaiken-keloka ; ary ny Tompo no mampitodika antsika sy mitarika antsika eo amin'ny Ray, satria izy no mampianatra antsika.

Na ao anatin'ny lalina tanteraka aza isika, na ao amin'ny ratsy aza isika dia afaka mitodika amin'Andriamanitra satria Raintsika izy. Vaovao mahafaly izany.

Na dia eo antanan'ny Satana aza isika dia tsy maharesy antsika izy satria mbola zanak'Andriamanitra isika satria afaka miantso hoe Rainay. Vaovao mahafaly izany.

Tsy irery isika amin'izany fa miaraka amintsika ny Zanaka lahitokan'Andriamanitra, miaraka midina amintsika hatrany amin'ny lalina indrindra, *descendre aux enfers*, ary mampitodika antsika amin'ny Ray. Vaovao mahafaly izany.

Tsy irery isika satria ny Fanahy dia manokatra antsika manome fampahatanjahana antsika hijerentsika ny fahalementsika ary mampiaina ny vavaka ataontsika, manazava ny saintsika izy ; koa ny « Rainay… » dia vavaka ataontsika iainantsika fa tsy famerenena fotsiny. Vaovao mahafaly izany.

III. Ny halehibe sy ny hatsara ny fihaonana manokana amin'ny Ray dia ny fiarahany amintsika

Rehefa miditra miandalana ao anatintsika ny Ray dia mahatsapa miandalana ny fahalementsika isika, *prise de conscience progressive de notre déchéance*. Arakaraky ny idirantsika ao anatintsika no ahitantsika ny fisokafan'ny fon'Andriamanitra.

Ny fahatsapantsika miandalana ny fahalementsika dia hetsika lehibe ao amin'ny « Rainay… ». Ny olon'Andriamanitra rehetra rehetra dia milaza fa io fahatsapana ny fahalemena io dia mitombo rahefa mitombo ny fanakaikezana amin'Andriamanitra : « Lozako ! Maty aho fa lehilahy maloto molotra » hoy ny kiakiak'Isaia (Isaia 6/5a). Io kiaka io dia dia nataony tao an-tempoly rahefa nahita an'Andriamanitra izay tsy hita ny tavany sy ny tongony fa nosaroman'ny serafima izay nanandratra feo nifamaly hoe « Masina, masina, masina, Jehovah Tompon'ny maro » (Isaia 6/3a).

Ny mpandinika rehetra teo alohantsika, indrindra fa ireo mpitandrina sy teolojiana tany amboalohany, dia manaiky daholo fa arakaraky ny anatonako an'Andriamanitra no anantonako ny tenako, arakaraky ny anatonako an'Andriamanitra dia miseho ny fahalotoko, toy ny hoe arakaraky ny anatonan'ny vy ny afo no ivoahan'ireo loton'ny vy.

« Rainay izay any an-danitra ». Ny hery voalohany ao amin’ny « Rainay », noho izany, dia fitiniko hoe : arakaraky ny idirantsika ao amin’ny fiafenan’Andriamanitra, -satria na miseho aza Andriamanitra dia miafina araka ny ambaran’Isaia hoe : « Marina tokoa fa ianao dia Andriamanitra miafina », « Mais pour sûr, tu es un Dieu qui se tient caché » (Isaia 45/15a)-, no idirantsika ao amin’ny tsy fahamendrehantsika. Midika indrindra izany fa arakaraky idinantsika ao amin’ny lalina indrindra ao amintsika, ao amin’ny fahalementsika no ahitantsika ny fisokafan’ny fon’Andriamanitra.

« Ho hamasinina anie ny anaranao ». Tsy ilaina ny ny fihaonana manokana amin’ny Ray vao afaka miteny an’io. Mifanohitra amin’izany : ny fahamasinan’Andriamanitra dia mitazona ny olona tsy ifanakaiky aminy. Ohatra an’i Mosesy tao amin’ny roimemy (Eksodosy 3/5), ary tamin’izany andro izany Mosesy dia mbola tsy nahafantatra ny rehetra momba an’Andriamanitra. Ary mbola nasain’Andriamanitra nihataka taminy raha nangataka ny ahita ny voninahitr’Andiamanitra (Eksodosy 33/18) sy ny tavan’Andriamanitra (Eksodosy 33/20) izay tsy nasehon’Andriamanitra fa ny nasehony dia ny lamosiny (Eksodosy 33/23) ; ary Andriamanitra mihintsy no nihataka koa nakao amin’ny rahona (Eksodosy 34/5) raha ampiseho ny lamosiny, izay jerena amin’ny sofina, dia : famindrampo, fiantrana, faharetapo, fahatokisana : *miséricorde, bienveillance, loyauté, fidélité* (Eksodosy 34/6)

« Ho tonga anie ny fanjakanao » dia mampiditra antsika miandalana fa isika izay miresaka dia vahoakan’ny mpanjaka ary vonona ny hanompo ny mpanjaka.

« Hatao anie ny sitraponao » dia milaza mazava tsara fa hanompo ny mpanjaka, nefa na izany aza dia misy foana ny elanelana eo amin’ny mpanompo sy ny mpanjaka tompoina.

« Omeo anay anio ny hanina sahaza anay » dia milaza fa manatsotra ny tanantsika isika ary manatona mandeha mankeo amin’ny mpanjaka azahoana mandray ny hanina izay angatahana. Ny fangantahantsika ny hanina amin’ny mpanjaka dia milaza fa mpangataka isika, ary mangataka ny fiantrany antsika, *bienveillance*.

«Mamela ny helokay ». Ny fangatahantsika dia lasa lavitra noho ny fangatahana ny fiantrana. Mangataka ny famindrampo isika, *miséricorde*. Ny fon’Andriamanitra dia misokatra manome hanina ho an’ny mahantra ary misokatra ihany manome famelan-keloka ho an’ny meloka.

« Aza mitondra anay ho amin’ny fakam-panahy ». Ny fangatahantsika dia mangataka ny faharetapon'ny mpanjaka, *loyauté*. Ao amin’ny fitsapana, ao amin’ny andro sarotra indrindra no miseho ny hamafin’ny faharetana. Ny fangatahana dia miantso ny faharetan’ny mpanjaka tsy handao sy hanary ny mpanompony.

« Manafaha anay amin’ny ratsy » dia milaza ny vokatry ny tsy fivadian’ny mpanjaka na eo aza ny ratsy, milaza ny fahatokisan’ny mpanjaka, *fidélité*. Jesosy no nampianatra antsika ny vavaka, ary izy irery ihany no afaka milaza amintsika hoe hatraiza ny halalin’ny ratsy. Ny ratsy niady tamin’i Jesosy rahefa feno ny Fanahy Masina Jesosy saingy tsy naharesy an’i Jesosy fa nandao azy izy aloha, *le diable s’écarta de lui jusqu’au moment fixé* (Lioka 4/13). Ny ratsy dia mody mitsoriaka nefa mbolo hijoko ary miandry ny andro izay hitany fa mahamety izany ary ho avy masiaka be. Io fotoana io dia miseho ao Getsemane izay nisehoan’ny zavatra mbola tsy niseho teo amin’ny fiainan’i Jesosy afa tsy indray mandeha tsy miverina dia ny nivavahany mafimafy kokoa (Lioka 22/44) satria na ny anjely tany an-danitra aza tsy nahavita nivavaka ho azy. Ny vidin’io vavaka nataon’i Jesosy io dia ny nananganana azy niala tao amin’ny fahafatesana.

Ny « Rainay » dia mitsahatra amin’ny lalina indrindra eo amin’ny fon’Andriamanitra ary ankoatr’io fangatahana io dia tsy misy teny mahalaza azy satria tsy misy mihoatra ny fon’Andriamanitra.

IV. Ny fidinan'Andriamanitra ao anatintsika dia mahantonga antsika ho tompon'andraikitra eo amin'izao tontolo izao

Tompon'andraikitra eo amin'izao tontolo izao izay manonona ny vavaka nampianarin'ny Tompo.

Ny fidinan'Andriamanitra ao anatintsika dia mahatonga fakam-panahy ho tia ny tena samy irery koa mitazona ho an'ny tena samy irery ny « Rainay….». Ny « Rainay… » dia manohitra ny fitiavan-tena satria amintsika mpivavaka rehetra izy « Rainay » fa tsy amiko irery fotsiny. Zava-dehibe izany. Rahefa fakafakaina samy irery sy atao samy irery ny « Rainay » dia mitsipaka sy tsy manaja ny vavaka izany.

Ny « Rainay » dia vavaka iombonana ataon'ny daholo be nefa tsy manakana ny fampidirana izany ho ao amin'ny tena manokana, *intériorisation personelle*. Ny fampidirina ho ao amin'ny tena manokana dia tsy voatery ho midika ny fitiavan-tena. Ary ny hery lehibe iray amin'ny « Rainay » dia mampiseho sy manamafy ny fiombonan'ny mpiara-mivavaka.

1. Ny lanitra. Ny fangatahana telo voalohany dia faritan'ny teny « lanitra ». « Rainay izay any an-danitra » ary « ety an-tany tahaka ny any an-danitra ». Ny fampiasana an'io teny io dia mampiditra amin'ny fisokafana amin'izay rehetra ety an-tany sy fisokafana amin'ny olona rehetra.

Ny « izahay » dia milaza manokana ny mpianatr'i Jesosy ary koa ny kristiana fa tsy milaza ny olombelona rehetra. Ary ny kristiana no ampianatra ny olona rehetra sy ivavaka ho an'ny olona rehetra. Ary noho izany ny « izahay » dia hitombo sy hihitatra.

2. Ny tany. « Omeo anay anio izahy hanina sahaza anay (anio) ». Fangatahana ny hanina ho an'ny mpianatra samy irery saingy ny mpianatra dia asaina mametraka fanotaniana mikasika ny hanina ho an'ny hafa (Matio 15/33).

Ny tantara mikasika ny fampitomboana ny mofo dia milaza ny fitaran'ny mpianatra, ny fitombon'ny mpianatra. « Omeo anay », ny « izahay » dia milaza ny mpianatra sy ny mpanaraka an'i Jesosy. Ary ny mofo izay homen'ny mpianatra ny vahoaka (Matio 15/36b) dia efa milaza sahady ny fanasan'ny Tompo ho an'ny olona rehetra.

Ny fanotaniana mikasika ny mofo dia fanotaniana apetrak'izao tontolo izao (Matio 15/27). Ny sombintsoin'ny mofo ho an'ny amboakely dia famerenana ny filazana tany aloha fa ny vorona eny an-danitra dia efa omen'ny Ray hanina (Matio 6/26) ary na dia ny liona masiaka aza dia mitady hanina avy amin'Andriamanitra (Salamo 104/21).

Ireo rehetra ireo dia entina ilazana fa ny fangatahana ny hanina ao amin'ny « Rainay » dia tsy ho an'ny mpianatra irery ihany, fa ho an'izay rehetra noforin'Andriamanitra. Ary ny filazana ny tany sy ny lanitra dia mampiditra ny mpino izay manao ny « Rainay » ho tompon'adraikitra eo amin'izao tontolo izao satria misokatra amin'izao tontolo izao, araka ny nosoratan'i Matio 28/19 izay mitory fa : rahefa avy natsangana niala tao amin'ny fahafatesana Jesosy, -ary mialoha ny fanomezany toky fa homba ny mpianatara madrakariva ambara-pahatonganan'ny fahataperan'izao tontolo izao-, dia nanafatra ny mpianatra hoe : «… koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra… »